FAHA-2 TAONA NY RMDM AO AMIN'NY MAGRO BEHORIRIKA

# Afaka tonga avokoa ny olon-drehetra tsy ankanavaka anio

Hankalazaina anio 10 aogositra 2021 ny faha-2 taona nijoroan'ny RMDM, na ny Rodoben'ny Mpanohitra ho an'ny Demokrasia eto Madagasikara, izay tarihan'ny Filoha Marc Ravalomanana. Ho fanomanana izany, nanadio ny tetsy amin'ny Magro Behoririka, toerana hanamarihana izao tsingerin-taona izao, ireo mpikatroka ao amin'ity vovonamben'ny mpanohitra eto amintsika ity. Nambaran'ny filoha lefitry ny RMDM avy amin'ny Faritanin'i Toliara, Pasitera Edouard Tsarahame nandritra izany, fa afaka tonga amin'izao fanamarihana izao avokoa ny olona rehetra tsy ankanavaka, eny fa ny solontena avy amin'ny fitondrana aza. Fantatra ihany koa fa hisy ny solontena avy amin'ny RMDM Diaspora hiatrika izao fanamarihna ny faha-2 taonan'ny RMDM izao, ho tonga ihany koa ireo solontena maro avy any amin'ny Faritra. Hisy fanentanana samy hafa anio ao amin'ny Kianjan'ny Finoana Magro Behoririka, hiarahana amin'ireo mpanakanto, vavaka iraisam-pinoana ho fiderana Ilay Nahary, lahateny isan-karazany,… Ny masoandro hilentika anio no hampalahelo etsy Behoririka.



*Isambilo*

06 aogositra 1896 - 06 aogositra 2021

# 125 taona aty aoriana, mbola voazanaky ny Frantsay isika Malagasy

*Vaninandro manana ny toerany eo amin'ny tantaran'ny firenena ny 06 Aogositra 1896, sy ny 06 Aogositra 1946 ary ny 06 Aogositra 2021.*

**06 aogositra 1896 : Lasa zanatany Frantsay i Madagasikara**

Raha tsiahivina ny tantara dia lasa tany teo ambany fiahian'ny frantsay (protectorat français) i Madagasikara ny 01 Oktobra 1895, taorian'ny tifi-tafondro nataon'ny tafika frantsay niainga teny Andrainarivo ny 30 Septambra 1895 dia voatery nampanangana saina fotsy ny tao Anatirova, ny ampitso 01 Oktobra 1895 no nosoniavina ny naha-protectorat français an'i Madagasikara. Ny dikan'ny protectorat français dia mijanona eo amin'ny seza fiandrianana ny Mpanjakavavy Ranavalona fahatelo, saingy tsy manana fahefana intsony, nesorina ny Praiminisitra Rainilaiarivony ary nosoloina an'i Rainitsimbazafy,ny tena tompon'ny fahefana dia ny Résident Général dia ny Jeneraly Duchesne, izay nodimbiasan'i Laroche taty aoriana.

Nihetsika ny "Menalamba", ireo tia tanindrazana malagasy nanohitra ny vazaha nanomboka ny 22 Novambra 1895, sahirantsaina ny mpitondra frantsay satria nahery tosika ny "Menalamba", voatery tsy maintsy nanapakevitra ny mpitondra tany Frantsa, fa tsy maintsy atao zanatany tanteraka i Madagasikara, ka ny 20 Jona 1896 dia lany tao amin'ny Antenimierampirenena frantsay ny lalàna nametra ny nahazanatany frantsay an'i Madagasikara na « loi d'annexion » ary nankatoavin'ny Antenimierandoholona frantsay io lalàna io, ka ny 06 Aogositra 1896 no navoaka ilay lalàna.



*Ny governora Frantsay teto Madagasikara tamin'izany fotoana izany, ny jeneraly Galliéni.*

Voalaza tao anatin'io lalàna io fa foana ny protectorat français ary lasa zanatany frantsay tanteraka i Madagasikara: colonie française, miala ny « Résident Général » Laroche, ny Jeneraly Galiéni no nisolo azy, ka « Gouverneur Général » no anarana nisalorany, nanomboka teo no nisy ny fiantsoana hoe Governora, vao mainka nohamafisina ny tsy fananan' ny Mpanjakavavy Ranavalona fahatelo fahefana, nofoanana ny toeran'ny Praiminisitra Rainitsimbazafy, ary ny vazaha no nifehy tanteraka ny tany, ny fitantanana rehetra na ny sivily na ny miaramila.

**06 aogositra 1946 no nitsangana ny PADESM**

Vao vita ny ady lehibe faharoa dia nitsangana ny Firenena Mikambana ary nifanaraka ireo firenendehibe nanangana azy io fa tsy maintsy havosotra ireo zanatany, satria nahavita be tamin'ny fanampiana tamin'ny fiatrehan' ireo firenen-dehibe ny ady lehibe anankiroa (1914-1918) sy (1939-1945). Nahafantatra izany ireo manampahaizana malagasy, ka nivonona nitaky ny fahaleovantena tamin' ny fomba nilamina. Natsangan'ireo tia tanindrazana malagasy tany Paris ny « MDRM », na « Mouvement Democratique pour la Renovation Malgache » ary nahazo fankatoavana avy tamin'ny Minisiteran'ny Atitany frantsay ny 22 Febroary1946.Vao nitsangana io MDRM io dia nahazo ny fon'ny malagasy ary maro ireo nirotsaka ho mpikambana. Raha nahita ny fiIroboroboan'ny MDRM ry zareo vazaha dia nanapakevitra hampanangana antoko hifampitana amin' ity antokon'ny tia tanindrazana ity.

Ny 06 Aogositra 1946, nahafeno dimampolo taona katroka ny nahazanatany an'i Madagasikara no najoro ny PADESM na ny (Parti des DESherités de Madagascar), ka ireo taranaky ny Maintienindreny avy eto afovoantany no nitarika ny PADESM avy eo dia nanatevin-daharana ny avy any anindrantany, ny tanjon'ny vazaha dia ny hampiady ny MDRM sy ny PADESM arak'ilay teny filamatry ny frantsay hoe « Zarazarao hanjakana ».

**06 aogositra 2021, efatra andro lasa izay**

Niverina ny tantara satria feno 125 taona katroka ny Zoma 06 Aogositra 2021 ny nahazanatany an'i Madagasikara, ary dia tsy tahotra tsy henatra ireo olon'ny fitondrana ankehitriny, fa niseho fahitalavitra tamin'io andro io notarihan'ny Governoran'ny faritra Analamanga niampy governora enina hafa, ny tiana ambara amin' izany dia nomen'ireto olon-dRajoelina ireto lanja ny anarana hoe « Governora », izay nosoloran'i Galieni ary efa nampiasain'ny fitondrana Ratsiraka ihany koa io, niantsoana ireo lehiben'ny faritany mizaka tena.

Tamin'io Zoma 06 Aogositra 2021 ihany koa no tsingerintaona faha-75 nijoroan'ny PADESM, izay notarihan'ireo Maintienindreny avy eto an-tanàna, dia nifanasa vangy nifanalabaraka ireo mitonona ho Maintienindreny tarihan'ny Depiote Rossy sy ny Vondron'ny ambany tanàna tarihan'ny Filohan'ny Hafari Malagasy Rafanomezantsoa Jean Nirina.

Ny tantara dia tsy azo ovana sady natao hakana lesona, ankehitriny dia tokony hiray hina ny vahoaka malagasy, satria vao mainka mahazo laka ny tetikadin'ny vazaha manao hoe : "zarazarao hanjakana" ary ny vanimpotoana iainantsika izao dia tsy fotoana tokony hifanenjehana intsony toy ny filazana hoe itsy taranaka Mdrm ary iretsy taranaka Padesm, satria voaporofo fa ny Kolonely Ratsimandrava dia zanaka Padesm kanefa dia nahavita be teto amin'ny firenena, toy ny namerenana ny rafitra fokonolona, mbola zanaka Padesm koa ny Mompera Remi Ralibera kanefa dia iaraha-mahalala ny fahasahiana nananany niady nanohitra ny sivana tamin'ny Repoblika faharoa, etsy andaniny ny Zoma 06 Aogositra 2021, dia nijoro niaro fatratra ny fitondrana tsy mahomby ny zanaka Mdrm, governoran'ny faritra iray eto amintsika, niaraka niseho fahitalavitra tamin'ny Governoran'Analamanga.

Ny azo lazaina eto ampamaranana dia mbola manjaka ny fanjanahantany 125 taona aty aoriana ary vao mainka mahazo vahana hatrany ny « Zarazarao hanjakana » napetraky ny vazaha.

*Ny Valosoa*

## Ny Valosoa sy fakafaka

Vaksinin'ny ady amin'ny coronavirus

### Sadasada ny fihetsiky ny fitondrana Rajoelina

Ity volana aogositra ity no nambara fa hahatongavan'ny vaksiny andiany faharoa amin'ny vaksiny covishield, raha toa ka efa tonga ny vaksiny hafa andiany voalohany. Izany hoe, ampiasaina eto amin'ny firenena ny karazam-baksiny samihafa atsindrona ny vahoaka. Asa raha mbola hisy karazany hafa ihany koa hafarana indray ho hampiasaina eto, indrindra tamin'ny nilazana fa afaka manao izany ny sehatra tsy miankina. Ny fantatra araka ny fampitam-baovao ofisialy, dia tsy nihoatra ny roa hetsy ireo olom-pirenena nitsindrona ny vaksiny andiany voalohany tamin'ny volana jona iny raha 250000 no nafarana. Izany hoe tsy lany ny daozim-baksiny nafarana tamin'io. Hanao ahoana ny faharisihan'ny vahoaka hitsindrona ilay vaksiny karazany faharoa ity, izay fantatra fa maherin'ny telo hetsy no tonga ? Hatreto aloha izany dia tsy mbola ny antsasaky ny vahoaka malagasy no hisitraka izany, ary tsy mbola fantatra ny fotoana hahatratrarana izany.

Tsy afaka hilaza ny fitondrana fa resy lahatra amin'ny fanafarana vaksiny iadiana amin'ny fihanaky ny valanaretina coronavirus, ary nomena safidy ny vahoaka amin'izay karazam-baksiny tiany hatsindrona azy. Manaporofo izay, ny tsy nahenoina mihitsy teny fanentanana momba izany avy amin'ny filohan'ny Repoblika Rajoelina na ny Praiminisitra. Ireo anefa no fandrefesana izany. Azo lazaina izany, fa mandeha tsy sazoka na voatery ny fitondrana hiroso amin'ity fanaovam-baksiny ity. Ny any ivelany, anefa maro ny mpitondra mamporisika mafy mihitsy amin'ny alalan'ny fomba fanentanana isan-karazany, tonga hatramin'ny fanaovana fifaninanana fisarihana dia tolorana loka izay tsara vintana, ary amin'io loka goavana mihitsy. Misy koa aza, toy ireo firenena maromaro ao Eoropa, manery mihitsy ny vahoaka ao aminy toy ilay adihevitra be any an-toerana amin'ny resaka « pass sanitaire ». Tsy afaka hilaza velively koa anefa ny fitondrana eto amintsika, fa hoe omena fahalalahana ny vahoaka fa tany demôkratika isika. Iaraha-mahita tsara sy miaina ny fanaovan'ny fitondrana z'inona io demôkrasia io, izay mody lazainy fa tany demôkratika i Madagasikara amin'ny fisian'ireo antenimiera roa. Familiviliandresaka atao amin'ny vahoaka fotsiny anefa izany.

Tsy tokony hadinoina, fa misy koa anefa ireo olompirenena tsy vonona mihitsy ary tsy resy lahatra hanao vaksiny na inona karazany tonga eto amintsika na inona. Izany hoe, raha atao indray mijery izany, dia misy karazany roa lehibe ny vahoaka manoloana amin'ny ady amin'ny fihanaky ny valanaretina coronavirus, dia ireo manao vaksiny sy ireo tsy resy lahatra amin'izany. Hoan'ireo manao vaksiny indray dia mbola misy karazany ihany koa noho ny vaksiny natsindrona azy. Hisy fiantraikany amin'ny sehatry ny fampandrosoana sy ny hoavin'ny firenena ankapobeny ve izany? Ny ampitso no hamaly izany.

*Sôh'son*

**PRIERE AU SACRE CŒUR**



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.

Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Iriantsoa R.**